Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Mars 2016

I -Teny mahavelona

Jesoa tao amin'i Zake, ilay mpanan-karena. Ny fihaonana manokana amin'i Jesoa mantsy dia mitondra Fahasoavana lehibe eo amin'ny fiainana. Ity evanjely iray ity dia maneho amintsika ny famindram-pon'Andriamanitra. I Zake, 'lay mpamory hetra, nanana endrika ratsy teo amin'ny fiaraha-monina nefa dia nahazo famonjena avy amin'i Jesoa, niova fiainana ary dia nibebaka ka lasa nahafoy izay nananany hanasoavana ny hafa.

Lioka 19, 1 – 10 :

Nony niditra tao Jerikao Jesoa, dia namaky ny tanàna. Ary indro nisy lehilahy anankiray atao hoe Zake, lehiben'ny poblikàna sady mpanan-karena, nitady hahita an'i Jesoa mba hahalala azy, fa tsy afaka noho ny habetsahan'ny olona satria fohy izy. Koa nihazakazaka nialoha izy, dia nianika amontana anankiray hitazana azy, fa eo no handalovany. Nony mby teo Jesoa dia niandrandra ka nahita azy, ary nanao taminy hoe: Ry Zake, midìna haingana, fa tsy maintsy hiantrano ao aminao aho anio. Dia nidina haingana izy ka nandray azy tamin-kafaliana.

Ary nony nahita izany ny olona, dia nimonomonona nanao hoe: Lasa niditra any an-tranon'ny mpanota izy. Fa Zake kosa nijoro nanao tamin'ny Tompo hoe: Tompoko, indro ny antsasaky ny fananako omeko ny mahantra, ary raha misy zavatr'olona nalaiko tsy an-drariny dia honerako inefatra hoatra azy. Dia hoy Jesoa taminy: Tonga amin'ity trano ity androany ny famonjena, satria zanak'i Abrahama koa ity lehilahy ity, fa ny hitady sy hamonjy ny very no nahatongavan'ny Zanak'olona.

FANDINIHANA:

Ny zava-miseho rehetra misy eo amin'ny fiaintsika dia ampiasain'i Jesoa mba hihaonany amintsika. I Zachée dia nihaona tamin'ny Jesoa noho izy liana te-hahalala fotsiny.Kanefa izany dia nitondra fiovana lehibe teo amin'ny fiainany. Ny zava-misy mantsy dia tsy i Zachée no te-hahita an'i Jesoa fa i Jesoa mihitsy no nandeha nanantona hihaona amin'i Zachée tamin'ny fotoana tsy nampoiziny.

Ity fihaonana tamin'i Jesoa ity dia niafara tamin'ny fanambarana mahafinaritra avy amin'i Zake, nanamafisany fa te-hiova fiainana izy ary hanonitra ny ratsy tsy nety rehetra vitany.

Ny fihaonana tena marina vokatry ny fo sy ny faniriana dia mitondra fiovana tanteraka eo amin'ny fiainana. Manosika antsika hiova fo sy hiala amin'ny fahazaran-dratsy isan'andro : fitiavan-tena, fialonana, fiavonavonana kely andavanandro. Saingy kosa mampitombo ny fitiavana efa ao am-po rehefa mahatsapa fa I Jesoa tia ahy.

Nianika amontana : Niakatra ny « Sycomore » i Zachée satria ny olona nibosesika nanakana azy tsy hahita an'i Jesoa. Ny fiakarana ity hazo ity dia midika ohatrany hoe hadalana ihany ho an'izay mitazana azy saingy, ho azy dia midika fa ny tombotsoa azo eto an-tany tsy maharitra fa ny tombotsoa any an-danitra no misy lanjany ka tsy

mampanahy azy izay vavam-bahoaka sy fahafahambaraka rehefa matoky izy fa hahazo izay saro-bidy indrindra.

Zaké : tamin'ny voalohany izy dia mpanan-karena saingy izy irery ny voailika teo amin'ny fiaraha-monina. Ao anatin'ny fony lalina dia tena misy faniriana zavatra hafa tanteraka ambony kokoa noho ny harena mandalo. Ny fihaonany tamin'i Jesoa (izay tsy nitsara azy fa tia azy) nanova tanteraka ny toetrany sy ny fiainany. Nisokatra ny masony Ka lasa olona nalala-tanana sy be fitiavana ny hafa izy satria nahatsiaro fa voavonjy ny fanahiny.

Nahoana i Zaké no nantsoina hoe : Mpanota ?

Ny Jody raha te-hijanona ho Madio (pur) dia mila mitandrina be mihitsy mba tsy hitakosona amin'ny vahiny, amin'ny olona manompo sampy, ny marary. Zaké dia niasa, nanangona hetra ho an'ny Romanina ka noheverin'ny mpiara-monina fa olona maloto (impur) izany hoe tsy manana fifandraisaina amin'Andriamanitra noho izany dia mpanota eo imason'ny olona.Fanampin'izany. Fanampin'izany dia tena tsara karama izy satria ny vahoaka no mandoa ny karama.Vokany dia nailiky ny fiaraha-monina izy.

Tamin'ny faran'ny evanjely anefa dia niova i Zaké, niisokatra tamin'nt hafa sy ny manodidina azy, nizara sy nanome maimaim-poana izay nananany.Nahay nandray izy fa Andriamanitra dia Fitiavana, hany ka izy koa no lasa nampita sahady izay fitiavana izay.Noraisiny tao am-pony ilay harena saro-bidy izay iriny mbola hampitomboina ihany koa.

Inona kosa no mba hevitr'i Jesoa : Jesoa mahita ny ezaka nataon'i Zake : nangetaheta nitady Azy, niandry Azy @ fo feno hafaliana sy fahavononana tokoa. Na dia matsiaro tena fa kely sy bitika aza isika dia ny fo misokatra no zava-dehibe eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy nijanona teo nijery fotsiny Izy fa nadeha niantrano tany amin'ny Zake, Izy mihitsy no nanolon-tena.

Fifampizarana

1. Indraindray isika maka toeran'ireto olona marobe ireto, manaratsy ny hafa, mitsaratsara fahatany, manangana rindrina mampisaraka mihitsy aza, mihevitena ho tsara mandrakariva noho ny hafa. Ahoana ny Hevitrao mikasika izany, Mba diniho akaiky hoe mitombona tokoa ve izany? Azonao tohanana amin'ny ohatra ve ny valin-teninao ?
2. Zake kosa nijoro nanao tamin'ny Tompo hoe: « Tompoko, indro ny antsasaky ny fananako omeko ny mahantra, ary raha misy zavatr'olona nalaiko tsy an-drariny dia honerako inefatra hoatra azy. »
   Hazavao fohifohy ny mety ho fahazahoanao ny dikan'io fehezan-teny io ? Misy ifandraisany amin'ny fiainanao ve izany ?Manome àry fikasana telo na efatra azonao ampiharina eo amin'ny fiainana miainga amin'io, vokatry ny fihaonanao tamin'i Jesoa
3. Miaina avy amin'io tantaran'i Zake io, mba mamorona vavaka tora-po iray na roa arakaraka izay ventsoventsonao.

II- *Vatsy*

MISIONERA ANY AFRIKA:

HAFALIANA SY FIAINAM-PIRAHALAHIANA MIARAKA AMIN'IREO IZAY TENA MILA FAMONJENA.

Faly miarahaba antsika rehetra indray amin'izao ankatoky ny Karemy izao. Enga anie ho taom-pibebahana marina ho antsika ity vani-potoana lehibe omen'ny Fiangonana antsika ity mba hahafahantsika mankalaza an-kafaliana sy am-pitiavana ary fanahy voadio ny fetin'ny Paka.

Mitohy hatrany ny fandalinantsika ny asa fanirahana ataon'ny Fiangonana eo anivon'izao tontolo izao ka andraisantsika anjara feno amin'ny maha kristianina antsika. Fijoroana ho vavolombelona iray no ho entina amintsika amin'ity volana ity. I Hélène, tanora iray avy any Milan Italie no hitantara amintsika ny vanim-potoana niainany tany Afrika. Vanim-potoana izay mampihetsi-po tokoa raha ny fahitana azy. Toy izao no resadresaka nifanaovana taminy

Fa inona moa no antony nanosika anao hanao io andram-piainana io?

Tamin'ny taona lasa dia nisafidy ny handray anjara tao amin'ny fiofanana momba ny tanora sy ny misiona na ny asa fanirahana aho, izay natao tao Milan. Tao no masaka tsikelikely tao an-tsaiko ny faniriana handeha hanao "mission" mandritra ny fotoam-pialan-tsasatra.Tsy dia misy fampianara na lesona firy loatra tao anatin'izany fiofanana izany fa fihaonana, fahanginana, fifampizarana, fotoam-bavaka, fifandraisana sy fisakaizana amin'ny ankizy eo amin'ny 20 na 30 eo ho eo no natao.

Inona no nanosika anao hanao izany safidy izany?

Nampiombona anay ny Faniriana ho misionera izay nahatonga anay handinika ny tenanay sy nankahery anay mba hatoky ny tenanay ka ho tonga tompon'andraikitra feno amin'ny fiainanay. Matoky ny safidy noraisina sy ireo olona izay natao ho mpitarika ary ireo namana mpiara-dia aho; izany rehetra izany no mandrafitra ny vinavinan'Andriamanimtra ho ahy izay mahatonga ahy ho tompon'andraikitra feno amin'ny fiainako. Toa antso ho ahy izany rehetra izany ka tamin'ny volana marsa, nandritra ny fotoana fiomanana ho amin'ny misiôna, dia hitako fa voatendry ho any Afrika, any Ginée Bissau, aho niaraka tamin'I Julie mpiara-dalana tamiko.

Ka taiza no nandefasany anao?

Tao amin'ny Tanana iray atao hoe Catio aho no voairaka, tanana izay vao nandray voalohany ny Vaovao Mahafaly 60 taona lasa izay. Tamin'ity tanàna ity ireo misônera no nanomboka nitety Tanàna an-kilômetatra maromaro, nitory ny Vaovao Mahafaly tamin'ny alalan'ny fandehanana an-tongotra any ambanivohitra, amin'ny alalan'ny teny mamy, fanampiana, tantara mahasondrian, vazivazy na koa amin'ny alalan'ny tsikitsiky.

Mompera anankiray atao hoe Fabio, izay tsy hohadinoko mihitsy izy io, no nandray anay ary nitantana anay nandritra ny 5 volana; manana fomba fijery miavaka ity pretra ity ary nampianatra tamin'ny fo tokoa.

Ao amin'ny faritra antsimon'i Guinée Bissau no misy ny tanànan'i Catio, any anaty ala ary ny làlana mampitohy azy amin'ny renivohitra dia làlana feno vovoka, potika ary feno fotaka rehefa avy amin'ny fotoanan'ny orana, andehanana ora valo aminan'ny aotômôbilina izany.

Ka inona ary no zavatra tsapanao tany?

Fahatsorana, fanetren-tena, hafaliana, tsikitsiky, fifandraisana lalina am-po sy ny zava-tsoa maro hafa koa no hitako tany. Ny fianakaviana, ny ankohonam-piainana tena izy ary ny fahatsorana izay mameno ny fiainanao dia zary harena lehibe rehefa tsy verin'ny zavatra ivelany ianao.

Manahoana ny fomba fiainan'ny olona any?

Tsy dia tsapako loatra hoe miaina ao amin'ny fahantrana ny olona fa miaina ao amin'ny fanetren-tena. Maro ny ao anaty fianakaviana, indrindra fa ireo miaina ny finoana nentim-paharazana izay miaina ny fanaovana fanambadiana maro (poligamia), kanefa ny rehetra samy mitady izay hivelomany amin'ny alala'ny fambolena. Samy miezaka miasa any amin'ny "bulanie" izany hoe any an-tanimbary daholo na lahy na vavy, na tanora na ankizy, ary samy manana ny andraikitra tandrify azy ny tsirairay. Ny vary no foto-tsakafon'izy ireo ary ny jono an-dranomamy ataon'ny vehivavy sy ny ankizy koa dia ahitana tombon-tsoa. Ny sasany koa manao ny voly avotra mba hahafahana manana laoka hatao amin'ny vary raha tsy izany dia ampiasaina ny menaka avy amin'ny kôkô. Misy ny tsena isan'andro, eo ireo vehivavy no mivarotra izay tombony azo avy amin'ny vokatra na ny ambim-bava, ao koa ny mivarotra mofo sy lamba, ao ireo mivarotra firavaka isankarazany izay vita avy any Sina, izay tsy dia

fantatro loatra hoe ahoana ny fomba nahatongavany any. Misy koa ireo tranombarotra vaventy isankarazany izay mivarotra karazan'entana izay atahorana ho lany daty avy any an-drenivohitra.

Ho an'ny ankamaroany ny trano dia vita amin'ny fotaka sy ny mololo, tsy dia ipetrahana loatra; ny andrompiainan'ny olona koa moa dia eny an-dalana sy eny andavarangana eny daholo no mipetrapetraka rehefa tsy any an-tsaha. Tsy misy ny rano fisotro madio sy ny Jiro.

Manahoana ny fanabeazana ny ankizy any?

Vita amin'ny fotaka koa, izany hoe totorano, ny sekoly hany ka mora simban'ny rano indrindra amin'ny fotoanan'ny orana. Tsy dia misy fitaovana firy ao anatiny fa noho ny fanampian'ireo malalan-tanana maro dia misy ireo latabatra sy seza ary tabilao.

Ny ambaratonga voalohany dia hatreo amin'ny kilasy fahaenina satria ny hany sekoly ambaratonga fahatelo (lycée) hany mba misy dia ao an-tanan'i Catio ihany. Mbola tsy misy ireo boky ho an'ny fampianarana ho an'ireo ambaratonga ireo, kanefa na izany aza ny ankizy sy ny tanora dia miezaka mampiasa ny kahieny; olana lehibe koa anefa ny tsy fahampian'ny mpampianatra izay mahatonga ny mpampianatra hampianatra ny zavatra tsy dia hainy loatra. Maro ny sekolim-panjakana saingy sekoly ihany, ny trano ihany, fa ny fandaminana sy ny rafitra rehetra kosa dia samy mizaka tena. Noho izany dia maro ireo malalan-tanana avy any ivelany, ankoatra ny fandefasana fitaovana dia, no miezaka koa mba hampisy rafitra maty paika sy fiofanana amin'ny fomba fampianarana araka izay tratra ho an'ireo mpampianatra. Tsy mora anefa izany rehetra izany satria Catio dia tanàna anaty ala midadasika, noho izany dia maro ireo sekoly no lavitra.

Na eo aza anefa izany rehetra izany dia hita soritra eny foana ny tsikitsikin'ny olona izay ifanenanao sy ifaneraseranao eny rehetra eny ary vonona mandrakariva izy ireo hanome anao izay mba ananany.

Nanahoana ny fandraisan'ny olona anao?

Tamin-kafanam-po tokoa, tena sahala amin'ny olona avy any amin-dry zareo ihany, voaray tsara. Hafaliam-be sy fahavononana, fa fahalianana hahafantatra koa. Tsy afeniko anareo koa anefa fa tena nandreraka ny herinandro roa voalohany: ny tsy fahazarana mihinam-bary sy ireo karazan-tsakafo izay tsy mahazatra isanandro, ny orana sy ny maro hafa koa izay saika nahalasa adala mihitsy; ny fiteny moa izany tsy lazaina intsony. Catio dia zanan-tany pôrtogaly, teny kreôla no fiteny any izay tsy nisy haiko mihitsy na dia kely aza. Na izany aza dia niezaka nifandray taminay foana ry zareo. Na dia teo aza anefa izany tsy fahaiza fiteny izany dia tao amiko foana ny faniriana hiezaka mafy ary dia nankiniko tamin'i Kristy izany.

Tsoriko aminareo ary fa hatreo amin'ny herinandro fahatelo dia toa hadinoko tanteraka ny maha fotsy hoditra ahy; mbola tsy nahay nifandray tsara tamin' ny alalan'ny fihetsika sy fijery ary tsikitsiky toy izany aho. Nahatsiaro ho tena anisan'ny mponina tanteraka aho izay tsy dia tsapako loatra taty Italia ary tena nahatsiaro sahirana tanteraka aho tamin'ny nandaozako an'i Afrika afaka dimy herinandro taty aoriana.

Fanampiana manao ahoana no azonao natolotra azy ireo?

Tsy dia hoe misy zavatra mivainga loatra aloha e. Izahay koa tsy dia hoe nitondra drafitra na foto-kevitra hahafahana manova an'i Afrika ao anatin'ny fotoana fohy. Zavatra kely no vitanay, tsapako ihany koa amin'ny lafiny anakiray fa ny misiônera dia tsy hoe olo-malaza afaka manao zavatra ao anatin'ny fotoana fohy; ny misiônera dia namana izay afaka hiara-dalana eo anilanao ary hamonjy anao na aiza na aiza misy anao, tànana misokatra afaka mandray avy amin'ny olona sy avy amin'Andriamanitra ireo hery hahafahany manome ny tenany ao anatin'ny fahatsorana koa izy ireo.

Voairaka any amin'ny tany izay tena hafa noho ny nisy ahy aho, miaraka amin'ireo fahazarana sy ny fomban-tany misy any, noho izany ny zavatra voalohany sy asa nanahirana ahy dia ny fialako tamin'ireo fizarana eto ivelany sy ny fiezahako hihaino izay manodidina ahy ary mba hiezaka ho tena iray amin'izy ireo. Tamin'ny herinandro roa voalohany dia nampahafantarin'i Mompera Fabio anay aloha ireo zava-misy mampiavaka ny olona ao amin'ny tananan'i Catio tamin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fiainan'ny olona andavanandro.

Andro iray tsy hadinoko ilay niaraka tamin'ny tanora tany an-tsaha indray andro izay. Miondrika mamboly voanjo ao anatin'ny hainandro sy ny orana; tsapako ny herin'ny tanako izay miara-miasa amin'ny hafa; ao ny harerahana noho ny asa kanefa dia ahatsapanao hafaliana tsy hay lazaina izany.

Ka inona zany no asa nataonareo tany?

Hatreo amin'ny herinadro fahatelo dia tsy maintsy niezaka nanao zavatra izahay sy Julie. Niasa: nanadio trano iray izay natokana hampianarana katesisy, nandray anjara tamin'ireo fivoriana maro sy fotoam-bavaka isankarazany, mirakara ny masomboly, mandeha any ambanivohitra mba hamangy zanam-piangoanana izay tsy

ahitana afa-tsy kristianina dimy monja sy ny asa vitsivitsy sasany koa. Asa anakiray nangatahina taminay koa ny fandaminana sy fanajariana trano anakiray handraisana ankizy 6 ka hatramin'ny 13 taona, trano izay sady hilalaovana no hihinanana sakafo sy fialana hetaheta. Anisan'ny asa nataonay koa ny miaraka amin'ireo ankizy ireo, mifampizara hafaliana amin'izy ireo sy mampianatra zavatra sasatsasany azy ireo.

Tsy dia hoe nahavita zavatra maro izahay kanefa nandray zavatra maro avy tamin'izy ireo koa. Tao anatin'izany tontolo tsotra sy tsy dia manahoana izany no nahafahako nametra-panontaniana sy nanangona ireo raki-tsarobidy ho an'ny fiainako; nahatonga ahy hanontany tena momba misterin'ny fiainana izay toa miaro antsika sy miaraka amintsika foana, ary mandray anjara feno araka izay fahaizako sy fahalemeko koa ho fanampiana ny hafa. Tsapako tao anatin'izany ny tsy maintsy hijerena ireo zavatra tena manan-danja indrindra ary mampisokatra ny fijerintsika ho any amin'ny ho avy vaovao.

Ahoana no fahatsapanao ny momba ny ara-pinoana any?

Ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ny tanora tao an-tanàna no andram-piainana ara-pinoana tena nahery vaika tamiko tany; tamin'ny alalan'izany no nahenoako ny tantaram-piainana manokan'izy ireo momba ny fiainana sy ny fibebahana, izay teraka tamin'ny alala'ny fitoariana voalohany ny Vaovao Mahafaly nataon'ireo misiônera, ny fahalinan'izy ireo hanatona an'ilay olona tsy fantatra izay mitantara ny momba izany Jesoa izany, izany fahalianana izany no niteraka ny Faniriana ny hanara-dia azy ary tsy nijanona ho faniriana fotsiny izany fa tena lasa finoana velona ao anaty. Tsy dia hoe maro anefa izy ireo fa roa, telo na dimy ihany tany amin'ny Tanana ivelan'i Catio.

.

Fifampizarana

1- Inona no nanaitra anao tamin'io andram-piainana nataon'i Hélène io?
2- Inona avy no toe-panahy tokony hanana sy ny fitondran-tena tokony hatao rehefa manatanteraka asa fanirahana any an-toeran-kafa ianao?
3- Zava-dehibe ny fiezahana hifandray amin'ny olona sy ny fakana ny fony, indrindra amin'ny tanora. Inona no anton'izany?
4- Araka io andram-piainana nataon'I Hélène io, inona no atao hoe misiônera?
5- Inona no lesona azonao raisina avy amin'io andram-piainana iray io?

III-Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

NY FIVAVAHANA

Manana fomba manokana ho enti-mivavaka miaraka amin'ny tanora ny Salezianina. Fivavahana fanaon'ny kristianina andavanandro ny azy : tsotra, hain'ny besinimaro. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia hoe tsy manalavitra fa miorim-paka amin'ny fiainana. Ny hoe tsotra dia tsy midika fa hoe tsy misy fihetsiketsehana na mionona amin'ny mahazatra fotsiny fa hoe : tsy lava loatra, miloatra avy amin'ny fo, nosintonina avy amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Litorjia. Ary ny hoe hain'ny besinimaroa dia tsy hoe vavaka efa hay tsianjery no atao fa mitaona ny tsirairay handray anjara ka hatao malaza sahala amin'ny fankalazana ny fety lehibe.

Tsy mijanona amin'ny endrika ivelany anefa ny vavaka atao fa tsy maintsy mijery ny tombontsoa ho an'ny fiainam-panahin'ny tsirairay. Noho izany dia tsy maintsy misy fotoana ho an'ny tsirairay mba hiresahany manokana amin'Andriamanitra indrindra ao anatin'ny vavaka izay hiaraha-manao amin'ny rehetra.

Ny tena tokony ho izy dia ny sokajin-taona tsirairay mihitsy no tokony hamorona ***vavaka mifanentana aminy. Ary vavaka mifanaraka amin'ny fomba amam-panao sy ny kolon-tsaina ary mitsinjo sy manampy ny tsirairay hiatrika ireo olana eo amin'ny fiainany sy ny sehatra misy azy no atao amin'izany.*** Ary izany no mahatonga ny vavaka ataon'ny salezianina ho afaka mifanaraka hatrany amin'ny toe-javatra iainan'ny tanora sy manampy azy ireo hihaona amin'ny Tompo amin'ny fiainana andavanandro.

Araka izany dia mivoatra sy misokatra amin'ny zava-misy hatrany ny vavaka salezianina, kanefa manaraka ihany koa ny toro-lalana omen'ny Fiangonana ho an'ny fanavaozana.

Ny voambolana hoe ***"FITIAVAM-BAVAKA" no ampiasain'i Don Bosco*** noho ny " FIVAVAHANA". Aminy ny ***FITIAVAM-BAVAKA dia manambara ilay fifandraisana am-po amin'Andriamanitra ary tsy mifantoka be loatra***

amin'ny teny tokony hambara ao amin'ny vavaka, fa mirona bebe kokoa amin'ny fihetsika fanehoam-pitiavana ataon'ny olona iray izay te hanome hafaliana tanteraka ny Tompo.

Ny FIVAVAHANA araka ny "système préventif" dia manana andry telo :

1- Miavaka ny sakramentan'ny Fampihavanana

Nasehon'i Don Bosco tamin'ny tanora fa ny **sakramentan'ny Fampihavanana** dia isan'ireo **andry iankinan'ny asa fanabeazana**. **Miavaka izy satria mametraka ny Fitiavan'Andriamanitra ho ambony noho ny fahotana.**

Izany no nahatonga azy io ho nankalazaina matetika tao Valdoco. Na ny teorana izay nomanina manokana hankalazana azy aza dia efa **manambara sahady ilay fifandraisana, fisakaizana amin'Andriamanitra sy ny namana. Manampy betsaka ny tanora handresy ny tahotra izany ka hanambara amin-kasahiana ny tsiambaratelony.**

Ny hanampy azy ireo hahay hiatrika ny fiainana no tanjona amin'izany. Izany hoe : tokony hahay mifampizara izy ireo, hahay mifanampy eo amin'ny fandraisana andraikitra ho fanatontosana ny adidiny avy, hahay mifanohana eo amin'ny fibebahana sy ny fiovam-po, ary ho vonona hanolo-tena tanteraka amin'Andriamanitra.

Araka ny hevitr'i Don Bosco dia tsy mijanona eo amin'ny famontsorana sy ny famelan-keloka ihany ny Fampihavanana fa mitohy amin'ny fitantanana am-panahy mba hahamafy orina ny fifikirana amin'Andriamanitra. Ny tena tanjona amin'izany dia ny hahatongavana amin'ny fifandraisana am-po eo amin'ny mpanabe sy ny beazina avy amin'ny alalan'ny fifampizaram-piainana an-kafaliana.

Maro ny voka-tsoa ara-panabeazana azo avy amin'ity sakramenta ity. Ao no hahatsapan'ny tanora ilay fitiavana mahay mamela heloka sy mahay mandanjalanja.

Mahazo hery avy amin'izany iay ireo ka vonona hiaiky ny fahotany sy ny fahalemeny izay hitadiavany mpanampy sy mpanohana. Avy amin'izany koa no hahafahany miala amin'ny fakam-panahin'ny fahavitan-tena ka tsy hilàna ny fanampian'ny hafa. Rehefa afa-pahotana koa izy ireo dia hahay mamela heloka. Manampy azy ireo hanaja ny hafa sy hanana fomba fisainana tsotrahafa sy mahitsy koa ny sakramentan'ny Fampihavanana.

2- Ny sakramentan'ny Eokaristia

Fankalazana fiainana ao anatin'ny hafaliana feno Izy. Tonga **loharanon'ny hafaliana sy haravoana lalina ny fankalazana azy raha voaomana tao anatin'ny firahalahiana sy ny fiombonam-po. Ny Eokaristia dia manampy ny tanora eo amin'ny fitomboana ara-pinoana.** Ireo antony ireo no antony hilazana azy ho andry faharoa eo amin'ny fanabezana salezianina.

Avy amin'ny alalan'ny **Eokaristia no hahafahan'ny tanora mandrindra ny fiainany hifanaraka amin'ny misterin'i Krsity nanolotra tamim-mitiavana ny fiainany**. Hianarany amin'izany ny hampandefitra ny zavatra hafa rehetra manoloana ny fikatsahana ny fiombonana, ary handresy ny fitiavantena sy ny fikombonana amin'ny tena. Mitondra azy hahay manolo-tena ary hirotsaka an-tsehatra amin'ny asa apôstôlika mifanaraka amin'ny taonany sy ny dingana vitany eo aminn'ny fiainana ara-panahy ny Sakramentan'ny Eokaristia.

Tonga loharano hanovozana hery vaovao hitomboana ao amin'ny fahasoavana ny Eokaristia. ***" Ny fanabeazana ho amin'ny tena fitiavana dia mandalo amin'ny Eokaristia"*** (E. Vigano, ACG 327) P 13-14.).

Ankoatr'izany ny famangiana sy ny fivavahana atao manoloana ny sakramenta masina araka ny lovam-panahy salezianina dia fomba iray hafa sady miavaka hahafahana mifandray amin'i Jesoa Tompo. Matetika i **Don Bosco no mampahatsiaro fa ny famangiana ny Sakramenta Masina dia anisan'ny fihetsika ho enti-maneho ny fankasitrahana an'Andriamanitra noho ny fanomezany ny fiainana.**

3- Masina Maria Reny sy Vonjin'ny Fiangonana

Manana ny toerany manokana i Masina Maria ao amin'ny fiainam-panahy salezianina ho an'ny tanora.

Hatrany am-piandohan'ny fiantsoan'Andriamanitra azy, tao amin'ny nofy faha sivy taona, no efa nandraisan'i Don Bosco an'ireo sy fampiana avy Aminy. Ny fanampian-dreny avy amin'i Masina Maria, no nahafahan'i Don Bosco nanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ho an'ny fiainany : **" I Maria no nanao ny zavatra rehetra",** hoy izy tamin'izany.

Avy amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny trano salezianina no ahitan'ny tanora ny fomba hibanjinana an'i **Maria mpizara fanantenana sy mpampianatra ny fomba fiainana araka ny Vaovao Mahafaly : ny fahaizana mihaino, ny tsy fivadihana, ny fadiovam-po, ny fanolorantena, ny asa fanampoana.**

Mila mpitantana sy mpanoro làlana ny tanora satria ny andron'ny fahatanorana no handalovan'ireo fotoan-tsarotra isan-karazana ho amin'ny fitomboana amin'ny maha-olona, kanefa eo ihany koa no hitrangan'ny zava-baovao samihafa sy hiainana vanim-potoana mahafinaritra sy mahaliana ho an'ny fiainana.

Ao amin'ny fiantsoana an'i Masina Maria Vonjin'ny Kristianina no ahitan'ny tanora ilay Famantarana ny fanantenana azo antoka sy mpanala alahelo, hery lehibe hoentiny miatrika io vanim-potoana manokana io.

Rehefa latsa-paka ao amin'ny tanora ny fanajana an'i Masina Maria, dia tsy ho sarotra amin'izy ireo intsony ny hanaraka ny làlana atoron'ilay Vonjin'ny Kristianina : fahazotoana sy fandraisana andraikitra amin'ny fanoherana ny fahotana, fitsipahana ny fomba fisainan'izao tontolo izao izay manohitra ny toro-làlan'ny Fahasambarana sy ny " Didy Vaovao".

Fifampizarana

FIFAMPIZARANA:

1/ Lazalazao ireo toetrra manokana mampiavaka ny fivavahana salezianina ho an'ny tanora? Nahoana i Don Bosco no mampiasa ny teny hoe **"fitiavam-bavaka"** toy izay ny hoe **"fivavahana"?**

2/ Inona no maha-zava-dehibe ny "Sakramentan'ny Fampihavanana" amin'ny fomba fanabeazana salezinina? Inona no tanjona amin'izany?

3/ Inona avy ireo antony hilazana fa andry faharoa eo amin'ny fanabezana salezianina ny EOKARISTIA?

4/ "I Maria no nanao ny zavatra rehetra" hoy i Don Bosco. Ahoana ny fomba anazavanao io tenin'i Don Bosco? Inona avy ireo anjara toeran'i Masina Maria eo amin'ny seha-panabeazana salezianina? Manomeza ohatra?